



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ce 09-12-21
Sce PV
✓
CRA no 175
Pm 26



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-175

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA
NY ALATSINAINY 6 DESAMBRA 2021 KA HATRAMIN'NY ZOMA 17 DESAMBRA 2021**

Fivoriana Faha-17
Natao ny
Talata 7 Desambra 2021
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Talata 7 Desambra 2021 tamin'ny 5 ora sy 40 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 6 Desambra 2021 ka hatramin'ny Zoma 17 Desambra 2021.

Nitohy ny Talata 7 Desambra 2021 tamin'ny 5 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas ary nanambara fa tokony hanao "huis clos" ny Solombavambahoaka aorian'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana. Nohamafisiny fa ankasitrahana'ny Solombavambahoaka rehetra tonga mivory izany dinika mikaton-trano izany.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny tokony hanaovana izany mpivory.

Ny andinin'ny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no nampiharina tamin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 32 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny sosokevitra naroson'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas amin'ny hirosoana amin'ny dinika mikaton-trano.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Andriamatoa Filoha, araka ny voalaza etsy ambony, izay fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana.

Nambarany koa fa efa mivoaka ny gazety boky Akon'ny Antenimierampirenena Malagasy laharana faha-15 izay misy fampitam-baovao mikasika ny fifaneraseran'ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Filoha, hamaky ny volavolam-pandaharam-potoana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa HENRI Jean Michel, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-7 Desambra 2021 nanomboka tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga sy fialan-tsiny tamin'ny fahatarana no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana. Nampita fialan-tsiny tamin'ny tsy fahatongavan-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena nanatrika ny fivoriana koa izy noho ny antony tsy azo anoharana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alatsinainy faha-6 Desambra 2021 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, nodinihana ny firafitry ny fandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy faha-6 Desambra 2021 ka hatramin'ny Zoma faha-17 Desambra 2021. Nisy ireo fanitsiana sy fanovàna nentin'ny mpivory.

Tao koa ny mpikambana izay nanamarika, fa tsy tokony hataontsika Solombavambahoaka ambanin-javatra ireo Tolo-dàlana avy amintsika Solombavambahoaka manoloana ireo Volavolan-dàlana avy amin'ny fahefana mpanatanteraka.

Toy izao ary ny fandaharam-potoana tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

FICHE DE PRESENCE

CONFERENCE DES PRESIDENTS MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZAFITSIANANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Présidente
2	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
3	ANGELE Solange	Rapporteur Général

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission des Ressources Stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD
2	Commission de la Défense Nationale	VELOMAHAZO Patrice	IRD
3	Commission des Affaires Etrangères	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD
4	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
5	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
6	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
7	Commission Juridique	IDEALSON	IRD
8	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
9	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
10	Commission des Poste et des Télécommunications et des Nouvelles Technologies	MAMANGY Norbert	GPR
11	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR
12	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTONDRAZAFY José Alain	IRD
13	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA ANDRIAMIHARIMANANA Seth	IRD
14	Commission des Travaux Publics	RASALAMA Léon	IRD
15	Commission de l'Elevage et de la Protection Animale	RAYMOND	Indépendant
16	Commission des Infrastructures et de l'Equipement	ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina	TIM
17	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
18	Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	RASOLONIAINA Robert	IRD
19	Commission de l'Education Nationale	RANDRIANARIVELO Justin Abel	IRD
20	Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle	JEAN FRANÇOIS Michel	TIM

21	Commission de la Santé Publique	RAJAABELINA Lova Herizo	IRD
22	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
23	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
24	Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions	RAKOTONDRA SOA Fetra	IRD
25	Commission de la Jeunesse et des Sports	RATSIVAHINISOLO Andriniony	IRD
26	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD
27	Commission de la Population et de la Protection Sociale	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
28	Commission de L'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine	IRD
29	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD
30	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc	GPR
31	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR
32	Commission Chargé de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député	RAZAKANDRAINY Henri Dominique	IRD
33	Rapporteur de la Commission des Finances et du Budget	TSARADIA Marco	IRD

PRESIDENT DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	GPR	MILAVONJY Andriasy Philobert
2	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Fetra

Représentante du Gouvernement:

Yamicole Franckline

ORDRE DU JOUR

pour la période du **Lundi 06 Décembre 2021** au **Vendredi 17 Décembre 2021**

LUNDI 06 DECEMBRE 2021

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent -(Salle BP)

MARDI 07 DECEMBRE 2021

14H 00: Conférence des Présidents - (Salle B.P)

17H 00: SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)
Adoption de l'Ordre du jour

MERCREDI 08 DECEMBRE 2021

SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

10H 00: Présentation du projet de gouvernance digitale et de gestion de l'identité Malagasy (PRODIGY).

15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission des Infrastructures et de l'Équipement (**Saisie au fond**)
- Commission de la Population et de la Protection Sociale (**Saisie pour avis**) - (**Salle BP**)

Projet de loi n°19/2021 du 17 novembre 2021 relative à la promotion du logement à Madagascar.

- Commission Juridique (**Saisie au fond**)
- Commission de de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique (**Saisie pour avis**)-
- Commission de la Population et de la Protection Sociale- (**Saisie pour avis**)- (**Bibliothèque**)

Proposition de loi n°005-2021/PL portant organisation de la profession de Consultant et création de l'Ordre des Consultants de Madagascar, présentée par RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa, Députée de Madagascar, élue dans le District de Soavinandriana, Présidente de la Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation

- Commission du Commerce et de la Consommation (**Saisie au fond**)
- Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises (**Saisie pour avis**)- (**Salle des Séances**)

Proposition de Résolution n°008-2021/PR portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur la flambée des prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction dans la Région Sud-Ouest, présentée par le Député IDEALSON, élu à Ampanihy-Ouest et Consorts

SEANCES PLENIERES - (Salle des séances)

JEUDI 09 DECEMBRE 2021

10H 00: Projet de loi n°19/2021 du 17 novembre 2021 relative à la promotion du logement à Madagascar.

15H 00: Proposition de loi n°005-2021/PL portant organisation de la profession de Consultant et création de l'Ordre des Consultants de Madagascar, présentée par RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa, Députée de Madagascar, élue dans le District de Soavinandriana, Présidente de la Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation

VENDREDI 10 DECEMBRE 2021

10H 00: Proposition de Résolution n°006-2021/PR du 15/11/2021 portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la Société Marbre et Granite de Madagascar (MAGRAMA), présentée par la Députée Christine RAZANAMAHASOA, élue à Ambatofinandrahana et Consorts.

15H 00: PRESENTATION DU PLAN STRATEGIQUE DU DEVELOPPEMENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE

LUNDI 13 DECEMBRE 2021

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques (**Saisie au fond**)
- Commission Juridique (**Saisie pour avis**)
- Commission de l'Economie et de la Planification (**Saisie pour avis**) - (**Salle des Séances**)

Proposition de loi n°006-2021/PL relative à l'évaluation des politiques publiques à Madagascar, présentée par Eléonore JOHASY, Députée de Madagascar, élue dans le District de Vangaindrano, Présidente de la Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques et Consorts

- Commission des Postes et Télécommunications et des Nouvelles Technologies (**Saisie au fond**)

Proposition de loi n°008-2021/PL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n°96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du Secteur des Télécommunications, présentée par le Député élu dans le District d'Ifanadiana, ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot.

- Commission des finances et du Budget (**Saisie au fond**)
- Commission de l'Economie et de la Planification (**Saisie pour avis**)

- Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises (**Saisie pour avis**)
- Commission de l'Évaluation des Politiques Publiques (**Saisie pour avis**)- (**Salle BP**)

Proposition de Résolution n°007-2021/PR tendant à la création d'une Commission d'enquête parlementaire sur les activités des services des Douanes, présentée par le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee, élu à Vondrozo et Consorts

LUNDI 13 DECEMBRE 2021

13H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission des finances et du Budget (**Saisie au fond**)
- Commission de l'Économie et de la Planification (**Saisie pour avis**)
- Commission de l'Évaluation des Politiques Publiques (**Saisie pour avis**)- (**Salle des séances**)

Projet de loi n°018/2021 portant loi de Finances pour 2022 (Deuxième lecture).

SEANCES PLENIERES - (Salle des séances)

15H 00: Projet de loi n°018/2021 portant loi de Finances pour 2022 (Deuxième lecture).

16H 00: Proposition de Résolution n°008-2021/PR portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur la flambée des prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction dans la Région Sud-Ouest, présentée par le Député IDEALSON, élu à Ampanihy-Ouest et Consorts.

MARDI 14 DECEMBRE 2021

10H 00: Proposition de loi n°006-2021/PL relative à l'évaluation des politiques publiques à Madagascar, présentée par Eléonore JOHASY, Députée de Madagascar, élue dans le District de Vangaindrano, Présidente de la Commission de l'Évaluation des Politiques Publiques et Consorts.

14H 00: Proposition de loi n°008-2021/PL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n°96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du Secteur des Télécommunications, présentée par le Député élu dans le District d'Ifanadiana, ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot.

16H 00: Proposition de Résolution n°007-2021/PR tendant à la création d'une Commission d'enquête parlementaire sur les activités des services des Douanes, présentée par le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee, élu à Vondrozo et Consorts.

MERCREDI 15 DECEMBRE 2021

09H 00: Proposition de loi n°003-2021/PL du 03 Juin 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe.

11H 00: **Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales élargie.**

Séance d'information avec la Direction Générale du Ministère du Travail, de l'Emploi, de la Fonction Publique et des Lois Sociales sur l'avant Projet de loi portant Statut Général des Agents Publics

JEUDI 16 DECEMBRE 2021 au VENDREDI 17 DECEMBRE 2021

Eventuellement 2ème lecture

VENDREDI 17 DECEMBRE 2021

15H 00: **CEREMONIE DE CLOTURE DE LA DEUXIEME SESSION ORDINAIRE 2021 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE.**

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanitsiana ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory. Nanao fanamarihana Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena mikasika ny fandaharam-potoana ny Alarobia 8 Desambra 2021 amin'ny 3 ora, tolak'andro, amin'ny fivorian'ny asam-baomiera, fa tsy «Commission de la Population de la Protection Sociale» no izy, fa «Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales».

Taorian'izay, niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DJAOSERA Irénée dia nangataka ny tokony hampidirana ao amin'ny volavolam-pandaharam-potoana mikasika ny fananganana ny vaomiera manokana misahana ny zon'olombelona amin'ny Zoma 10 Desambra 2021 ho avy izao satria andro iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona amin'io, ka tsara raha atao ao anaty fandaharam-potoana.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa tokony hodinihan'ny Birao Maharitra izay soso-kevitra izay ary aorian'izany vao manambara ny hevitra tapaka mikasika izany ary nohamafisiny koa ny tsy maintsy andalovan'ny antontan-kevitra tapaka eto eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC.

Nanontany kosa Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice, raha nandray fitenenana hoe: inona ny antony maha telo fotsiny ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra nanao sonia ny volavolam-pandaharam-potoana.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa nisy fivorian'ny antoko TGV-MAPAR tamin'io fotoana io ka izay no antony nahavitsy ny mpikambana teo anivon'ny Birao Maharitra nanatrika ny fivoriana.

Nangataka ny tokony hampidirana ny Solombavambahoaka tsy miankina ho fikambanana ofisialy kosa Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson raha nandray fitenenana.

Mbola hodinihan'ny mpikambana eo anivon'ny Birao Maharitry izany, hoy ny valin-teny nomen'Andriamatoa Filoha ary hovaliana miandalana eny ihany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izany.


Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 43 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Tsy nanan-kolazaiana ny solotenan'ny Governemanta raha nomena fitenenana mikasika ny fandaharam-potoana vao noliana teo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa ny Alarobia 8 Desambra 2021 amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe ho fanolorana ny tetikasa PRODIGY, hatao ato amin'ny efitrano fivorian'ny Antenimierampirenena.

Niato tamin'ny 6 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona